SCPV ✓
CRA n°54A
Election QI, QII
QIII, RG et RGA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

## REPOBLIKA FAHAEFATRA

## FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

## FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
## TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FAMINTINANAN NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-54**

**FIFIDIANANA KESTORA VOALOHANY, KESTORA FAHAROA, KESTORA FAHATELO, MPAMPAKATENY JENERALY, MPAMPAKATENY JENERALY LEFITRA ETO AMIN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-3
Natao ny
Alarobia 29 Oktobra 2025
- Atoandro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - IBRAHIM Issa Charles
- TSARADIA Marco

**FOTOANA:** Alarobia 29 Oktobra 2025, tamin'ny 4 ora, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana izay ho Kestora Voalohany, Faharoa, Fahatelo ary ny Mpampakateny Jeneraly sy ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra eto amin'ny Antenimierampirenena.

Filazana ny valim-pifidianana amin'ny fomba ofisialy izay ho Kestora Voalohany, Faharoa sy Fahatelo ary ny Mpampakateny Jeneraly sy ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra no tohin'ny fandaharam-potoana taorian'ny vokatry ny fifidianana ireo Filoha Lefitra miisa enina eto amin'ny Antenimierampirenena.

Mbola ny fepetra voalazan'ny andininy faha-16, andalana faha-7 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena hatrany no nanatanterahana ny fifidianana; ka toy izao no fivakin'izany:
Ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra dia fidina amin'ny latsabato miafina manondro anaran'olon-tokana, misy fihodinana roa. Raha toa tsy azo ny antsasamanilan'ny vato manan-kery amin'ny fihodinana voalohany, ny ankamaroany dia ampy amin'ny fihodinana faharoa; eo amin'ny mpilatsaka hofidina roa izay nahazo vato be indrindra amin'ny fihodinana voalohany ary raha misy ny fitoviam-bato dia ny zokiny indrindra no voafidy

Marihana ihany koa fa efa vita talohan'ny fifidianana ny Filoha Lefitra avokoa ny fampielezan-kevitra mikasika izao latsabato izao ka ny vokatra amin'ny fomba ofisialy no hambara avy hatrany.

Mbola ireo Solombavambahoaka mpanara-maso ny fifidianana ny Filoha Lefitra hatrany koa no nanao fanaraha-maso ny fifidianana, ka ireto avy izy ireo:

- BOTOTEFY Herimanatsoa Odilon
- RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle
- RAFIDIMANANA Narson
- RAMANAJARASOA Clarisse Eugénie
- RAMANANARIVO Handry Orlando
- RAKOTOMALALA Biri Golbert
- RALAMBOZAFY Raoto Andrianarinarivo

Taorian'ny fanisam-bato, toy izao no vokatry ny fifidianana:

**KESTORA VOALOHANY:**
- Isan'ny Solombavambahoka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina : 102
- Vato azon'Andriamatoa ANDRIAMIHARIVOLAMENA Liva Zavamanitra : 30

- Vato fotsy: 00
- Vato maty: 01

**KESTORA FAHAROA:**
- Isan'ny Solombavambahoka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa (RAMIM'S): 25
- Vato azon'Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny: 108

- Vato fotsy: 00
- Vato maty: 00

**KESTORA FAHATELO:**
- Isan'ny Solombavambahoka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard : 32
- Vato azon-dRamatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra : 11
- Vato azon'Andriamatoa MAMIHAJA Charlot: 80

- Vato fotsy: 02
- Vato maty: 08

**MPAMPAKATENY JENERALY**
- Isan'ny Solombavambahoka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa RAKOTOSON Hubert: 128

- Vato fotsy: 05
- Vato maty: 00

**MPAMPAKATENY JENERALY LEFITRA**
- Isan'ny Solombavambahoka nandatsa-bato: 133

- Vato azon'Andriamatoa SAORY Christian : 29
- Vato azon-dRamatoa RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine: 98

- Vato fotsy: 02
- Vato maty: 04

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho:

- **Kestora Voalohany:** ny Solombavambahoaka RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina
- **Kestora Faharoa:** ny Solombavambahoaka RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny
- **Kestora Fahatelo:** ny Solombavambahoaka MAMIHAJA Charlot

- **Mpampakateny Jeneraly:** ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert
- **Mpampakateny Jeneraly Lefitra:** ny Solombavambahoaka RAHARIMANARIVO Voahanginiaina Berthine

Taorian'izay, niarahaba sy nirary soa ho azy ireo hahatanteraka ny andraikitra hosahaniny, Andriamatoa Filoha sy nanambara koa fa feno ny isan'ny mpikambana mandrafitra ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena amin'izao fotoana izao.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nambarany fa hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra rahampitso Alakamisy 30 Oktobra 2025 amin'ny 11 ora, atoandro, ao amin'ny efitrano fivorian'ny Birao Maharitra.

Niato tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**